Fitondrana Rajoelina 3

**Mitsapatsapa, miana-draharaha, tsy manana fahaiza-manao**

RMDM sy Vondrona Panorama 2

**Tsy manaiky ny sarintsarina fikaonandoha ataon'ny CENI**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 11 jona 2022 Laharana 1307 Vidiny : **500 Ar**


Mpiasan'ny Office du Bacc 3

**Nitokona, mitaky ny karamany 2 volana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Ravalomanana** 2

# Afaka mampandroso ny firenena ao anatin'ny fotoana fohy



Tsy fanajana demôkrasia sy lalàna eto 3

# Nihaona tamin'ny HCDDED ny filoha Ravalomanana



Nitroatra ireo mpivarotra eto Antananarivo 7

# Manohitra ny fanomezana an'ny tsy miankina ny tsena





Mila hatao malaky ny fikaonandoham-pirenena 2

# Misy krizy politika, ara-toekarena ary sôsialy eto



Karama farany ambany ho 250.000 Ar 3

**Mbola tsy misy didim-panjakana fampiharana hoy ny Cnaps**

Madagascar National Parks 7

**Nodimandry ny tale jeneraly, Dr Mamy Rakotoarijaona**

**Daka kely**

Efa notokanan'ialahy ny fampiadiana akoho, ny famonoana akoho, rahoviana indray ialahy no hitokana fitonoana akoho ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

# Afaka mampandroso ny firenena ao anatin'ny fotoana fohy

Efa hita teto amin'ny firenena, fa afaka nampandroso ny firenena tao anatin'ny fotoana fohy ny filoha Marc Ravalomanana. Tamin'ny fotoana nitondrany, tafakatra hatrany amin'ny 7% ny fitomboan'ny harin-karena anatiny faobe teto amintsika. Azo lazaina ho efa tena niainga ny fampandrosoana tamin'izany, ny tantsaha voajery, ny tsy an'asa nihena, satria maro ireo orinasa nijoro, noho ny fisian'ny AGOA niarahana tamin'ny Amerikana, ka maro ireo mpiasa Malagasy tamin'izany, niasa tamin'ny orinasa afak'haba, ka ny vokatra tamin'izany dia nalefa tany Etazonia tsy nandoa haba, nampiroborobo ny indostria, sy ny famoronana asa teto amintsika. Efa nampandroso ny firenena ny filoha Ravalomanana tamin'ny fotoana nitondrany, efa manana paikady hampandrosoana ny firenena haingana izy, ka vonona mbola hampandroso haingana an'i Madagasikara indray, fa tsy hiandry 70 taona any ho any vao hilahatra amin'i Rwanda amin'izao fotoana isika, araka ny tomban'ny Banky Iraisam-pirenena, mahita ny tsy fahombiazan'ny politikam-pitantanan'ny fitondrana Rajoelina ankehitriny. Nandray ny ACIM (Association des Cadres Intellectuels de Madagascar)teny Faravohitra ny filoha Marc Ravalomanana afak'omaly. Nanamafy izy nandritra izany, fa afaka mampandroso haingana ny firenena ny olona iray, rehefa tena manana politika matotra ho amin'izany, noanteriny fa manana politika ho amin'izay fampandrosoana malaky ny firenena izay izy. Ny ACIM dia fikambanana tanora, izay vonona hampandroso firenena, mitovy fomba fijery amin'ny vinan'ny filoha Ravalomanana ary nahita fa mety ny fomba fitondrany, indrindra mahakasika ny sehatry ny fambolena sy fiompiana. Manana tetikasa ny ACIM, ka nentiny nanoloana ny filoha Ravalomanana izany, satria hitan izy ireo fa tsy ny rehetra no manana traikefa, hitan'izy ireo ny fandrosoan'ny firenena tamin'ny fotoana nitondrany sy ny faminganana : fanapotehana natao teto ka nahatonga fahaverezan'asa maro tamin'ny taona 2009 ireny. Efa tafakatra ny firenena nefa nosintonina nidina indray, hoy ny ACIM. Ilaina ny manana vina sy tanjona hoy ny Filoha Marc Ravalomanana, tsy mety ny mitady vola fotsiny, nefa tsy fantatra sy tsy hay izay ampiasana azy.



Ny filoha Ravalomanana, nihaona tamin'ny ACIM teny Faravohitra.

**Isambilo**

Mila hatao malaky ny fikaonandoham-pirenena

# Misy krizy politika, ara-toekarena ary sôsialy eto amin'ny firenena

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena ny mpanao politika, Julien Andriamorasata, amin'ny maha-olompirenena azy. Nambarany fa mila hatao haingana ny fikaonadoham-pirenena eto amintsika hivoahana amin'ny krizy, satria misy krizy politika, misy krizy ara-toekarena ary krizy ara-tsôsialy lalina eto amintsika amin'izao fotoana. Fotoanan'ny fikaonandoham-pirenena izao hoy izy, tsy tokony hisy ny fifanilihana sy ny andraso andraso, fa tokony hatao io. Efa niangavy ny rehetra ny filoha Marc Ravalomanana, nefa mbola toa samy mihainohaino, noho izany hoy Julien Andriamorasata, tokony hataon' ny mpanohitra io fikaonandoham-pirenena io, satria andraikitry ny mpanohitra rahateo koa izany, hanasana ny rehetra tsy ankanavaka ny fandraisan'anjara. Alefaso dia havoahay ny fehin-kevitra, hivoahan'ny firenena amin'izao krizy izao. Zava-doza ny mbola hahazo ny firenena raha tsy misy vaha-olana, izao krizy ara-politika, sy ara-toekarena ary ara-tsôsialy misy izao. Lazaina fa noho ny ady any Ukraina no nahatonga izany, krizy noho ny valanaretina coronavirus, efa talohan'izany no nanomboka izao krizy eto amin'ny firenena izao, satria tamin'izany no efa niiba ny fitomboan'ny harin-karena eto amintsika. Afaka adidy ny mpanohitra, alefaso io fikaonandoham-pirenena io, satria miandry izany ny vahoaka maro an'isa eto amin'ny firenena. Raha tsy handray anjara ny fitondrana, hojerena eo ny hampiharana ny fehin-kevitra. Ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana ohatra, dia vahaolana ialana amin'ny doublon sy ny hala-bato nisy, hoy ihany ny mpanao politika Julien Andriamorasata.



Julien Andriamorasata, mpanao politika, mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko TIM.

**Niaina**

RMDM sy Vondrona Panorama

# Tsy manaiky ny sarintsarina fikaonandoha ataon'ny CENI

Nanatanteraka karazana fikaonandoha momba ny fifidianana sy ny lisi-pifidianana ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana tamin'ity herinandro ity. Tsy manaiky izany sarintsarina fikaonandoham-pirenena izany ny mpanohitra avy amin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sy ny Vondrona Panorama. Ny antony hoy izy ireo, saribakolin'ny fitondrana ny CENI misy amin'izao fotoana, ka inoana fa tsy maintsy mbola hitanila amin'ny fitondrana misy izy ireo. Noho izany, tonga nanatitra taratasy teny Alarobia, namaly ny fiantson'ny Ceni ireo vondrona Rmdm sy ny Vondrona Panorama, mitsipaka izao sarintsarina « concertation » ataon'ny Ceni izao. Fikaonandoham-pirenena tena izy, momba ny fifidianana sy ny manodidina azy, handraisan'ny rehetra tsy ankanavaka anjara no ilaina hoy ny RMDM sy ny Vondrona Panorama, mba hisian'ny fifidianana madio sy milamina ary mangaraharaha amin'ireo fifidianana rehetra ho avy eto amin'ny firenena.



Ny RMDM sy ny Vondrona Panorama teny amin'ny CENI Alarobia ny alakamisy teo.

**Stefa**

## NY TENY FIAINANA




*"Fa nahamenatra ahy ny hangataka miaramila sy mpitaingin-tsoavaly amin'ny mpanjaka hiaro anay amin'ny fahavalonay eny an-dàlana, satria efa niteny tamin'ny mpanjaka izahay ka nanao hoe: ny tànan'Andriamanitray mahasoa izay rehetra mitady Azy; fa ny heriny sy ny fahatezerany kosa mamely izay rehetra mahafoy Azy."*

***Ezra 8:22***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Olan'ny fananan-tany

# Tsy milamin-tsaina eo amin'ny taniny ny vahoaka Malagasy

Miharihary indray fa tsy mitovy amin'ny toe-javatra iainam-bahoaka andavanandro, no iainan'ireo mpitondra isan-tsokajiny any an-dapa any. Resabe sy abobo atao amin'ny vahoaka fotsiny ihany ny ambaran'ireo mpitondra ireo, rehefa mikabary ankalamanjana, na eny amin'ny haino aman-jery. Niseho izany tamin'ny zava-nitranga teny Ivato novoizin'ireo haino vaky jery samihafa nandritry ny fandraisampitenenan'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, ka nisian'ny delestazy. Izy aza nampahafantarina fa ny mitranga dia delestazy, fa toa tsy fantany akory ilay fahatapahan-jiro. Tsy iverenena intsony ny amin'izay fa efa be ny nambaran'ireo mpamakafaka ny amin'ny fahitany iny tranga iny. Manamafy indray ny nambara tamin'ny laharan-gazety laharana teo aloha momba ny fomba fiheveran-dRajoelina ny zava-misy eto amin'ity firenena ity izany. Ny firenena efa mandeha amin'ny lalana kizo sy ratsy, izy hafa ny fiheverany sy ny fahitany ny raharaha…
Etsy ankilan'izany, miseho mitarika ny momba ny fikaonan-doha amin'ny resaka lafiny fananantany eto Madagasikara ny filohan'ny Repoblika tato ho ato. Tena hahavaha olam-bahoaka marina ve ny hodinihana ao anatin'izany? Ilay vahoaka efa mandry andriran'antsy andro aman'alina, fa mitatao aminy ny tsy filaminana amin'ny tany sy trano onenany, fa bodoin'ny mpanefoefo mpanambola teratany sy indrindra vahiny, singanina amin'izany ny karana. Nanao fitarainana an-dranomaso tamin-dRajoelina ireny mponina Iasibatra ireny, fa niàla maina avokoa tao anatin'ny taona naha teo amin'ny fitondrana azy. Tsy nisy voaaro tamin'ny tany nonenany. Ka hanantena inona amin'izao fihetsiketsehana be izao ny sarambabem-bahoaka? Inona no antoka omena azy ka hahatsiarovany tokoa fa tompon'ity Nosy ity izy? Ny fahitan'ny vahoaka ny zava-misy, ireo mpanambola, ireo mahitahita akaikin'ny fitondrana ihany no manjakazaka afaka mibodo tanin'olona efa ela nanaovany fihariana sy nonenany nandritry ny taona maro? Nitazam-potsiny izany ny fitondram-panjakana, fa tsy nahitana na nahenoina vahaolana ampahendrena nitsinjovana ny vahoaka malagasy. Miendrika famitaham-bahoaka ihany no natao nandritry ny fampielezan-kevitra ho filoham-pirenena.
Hankalaza ny tsingerin-taona faha-60 niverenan'ny fahaleovantena ny firenena afaka tapabolana eo. Malagasy manao ahoana no hiatrika izany? Malagasy milamin-tsaina amin'izay fa tsy hisy haka ny taniny na hanàla azy amin'ny toeram-ponenany ve sa, Malagasy hitaintain-dava toy ny sahobakaka ambodiriana fa hisy fotoana tsy ampoiziny tsy ho azy io trano sy tany misy azy ary anaovany fihariana io? Ny fitondrana Rajoelina no tomponandraikitra iankinan'izany rehetra izany.

**Sôh'son**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Fitondrana mitsapatsapa, miana-draharaha, tsy manana fahaiza-manao


Misy fanjakana ve eto? Mahafapo ve ny fianarana? Manana asa ve ny tanora? Mahavelona ve ny karama? Mahafapo ve ny fitsaboana? Mahafapo ve ny Jirama? Misy ve ny fandriampahalemana? Ireo no fanontaniana napetraky ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, tamin'ny fampielezan-kevitra nataony fony izy kandidà. Namaly ireo tonga nanatrika ny fampielezan-kevitra hoe: "TSIA!". Efa ho efatra taona izao no nametrahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana azy teo amin'ny toerana maha filohan'ny Repoblika azy. Azo haverina aminy ireo fanontaniana ireo. Raha ny resaka fitantanana ny Firenena no asian-teny dia iaraha-miaina ny fanaovana tsapatsapa toy ny mpiana-draharaha sy ny tsy fahaiza-manao ary ny fifanitsahan'andraikitra. Resabe fotsiny ny filazana fa efa vonona ny vola entina manatanteraka ny IEM kanefa niova an-dàlana ho PEM sy Plan Marshall kanefa tsy nisy tanteraka ireo fa niverin-dàlana indray ka nanao "vely rano" isaky ny manonofy tetikasa ny filohan'ny Repoblika. Samy manao izay saim-patany ny ao amin'ny governemanta ary ny praiminisitra dia tsy ahitan-teny manoloana izany toe-draharaha izany. Ny fahefana mpanatantyeraka indray no mibaiko ny fahefana mpanao lalàna. Tsy manana ny fahaleovantenany intsony ny fahefana mpitsara fa miandry teny midina rehefa mamoaka didy. Tsy takona hafenina intsony ny fitokonana ataon'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ary ny mpandraharaha (PAT) noho ny tambikarama na karama tsy voaloan'ny mpitondra efa ho aman-taona. Miverimberina izany ao anatin'ny tao-pianarana iray. Vokatr"izany dia matahotra ny hisin'ny taona fotsy ny mpianatra ka mihetsika ihany koa. Tokanana ny fianarana "manarampenitra" etsy sy eroa kanefa ny sasany dia lokoina lokom-boasary fotsiny kanefa ny fitaovana ao anatiny dia tsy zarizary. Eo amin'ny sehatry ny asa dia efa taorian'ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 no amana hetsiny ny very asa. Taorian'ny nandraisan'ny filohan'ny Repoblika ny fitondrana ny taona 2014, indrindra rehefa niditra teto ny valanaretina, noho ny tsy fandraisana andraikitry ny mpitondra ara-potoana ka niditra tamin'ny fihiboana dia nikatona ny orinasa maro. Nitombo araka izany ny very asa, ary ny tanora efa tokony hiasa dia tsy mahita ka mirenireny etsy sy eroa. Ny filohan'ny Reoblika ihany no mamaly ny fanontaniana napetrany tamin'ny fampielezan-kevitra raha manana asa ny tanora na tsia. Raha ny vahoaka no hanontaniana ny fananana asa ankehitriny dia ho toy ny tamin'ny fotoan'ny fampielezan-kevitr'j Rajoelina Andry ihany ny valinteny ary dia namita-bahoaka izany izy satria ao miha mitombo izay ty izy ny tanora tsy manana asa. Nampiakatra ny karama 25 sy 13 ary 5 isan-jato ary nampiakatra ny karamafarany ambany ho 250 000 Ariary ihany koa ny filohan'ny Repoblika tamin'ny kabariny ny 1 Mey 2022 satria hono tsapany fa tena tsy mahavelona intsony ny karama. Tsy misy dikany izany rah any fisondrotry ny vidim-piainana no jerena. Natsangana etsy sy eroa ny hopitaly manarapenitra ary nolazaina fa tsy handoavam-bola ny fitsaboana. Iaraha mahalala ny fimenomenonan'ny manana marary rehefa mandeha any amin'ireny toeram-pitsaboana ireny fa dia takiana saram-pitsaboana izay mandeha any. Maty antoka ireo mpampiasa angovo eo amin'ny asam-pivelomana satria dia mampiteny ny moana ny delestazy maharitra ora maro manerana ny Nosy. Efa betsaka ny hetsika nataon'ny mponina momba ny fahatahan'ny rano kanefa tsy mahita vahaolana momba ireo ny Jirama, mba tsy ilazana hoe ny mpitondra. Toa manosika hilaza fa tiana ho vonoina koa ity orinasam-pirenena ity ka homena ny tsy miankina indray ny fitantanana azy. Vao omaly ny omaly ny filohan'ny Repoblika no niaina ny fahatapahan-jiro, minitra vitsy, raha nikabary teny amin'ny CCI Ivato, ka nanontany hoe misy tomponandraikitra ve ao amin'ity toerana ity. Toa tsy mahafantatra hoe izany no iainan'ny vahoaka Malagasy andro aman'alina. Tsy misy valaka amin'ny orinasam-pirenena Air Mad izay tena fanahy iniana mihitsy ny namotika azy ka nanangana ny Madagascar Airways izao fitondrana izay. Mitovy amin'izany koa ny fampotehana ny mpandraharaha Malagasy eo amin'ny sehatra fanafarana entana ilain'ny mponina andavan' andro ka namoronana ny SPE. Tato anatin'ny herinandro vitsivitsy, ankoatry ny asan-dahalo any amin'ny Faritra maro eto amin'ny Firenena manadavan-taona, dia mahazo vahana ny fakana an-keriny an-tanàn-dehibe. Aman-jatony maro ny jeneraly sy ny manamboninahitra ambony ary amin'arivony maro ny mpitandro ny filaminana kanefa dia manjaka tanteraka ny tsy fandriam-pahalemana ka mihorohoro ny vahoaka. Rehefa valiana ireo fanontaniana napetraky ny filohan'ny Repoblika tamin'ny fampielezan-kevitra ireo amin'izao fotoana izao dia mifototra any aminy ihany satria tsy manana vahaolana amin'ireo izy ankehitriny.

***Andry Tsiavalona***

### Karama farany ambany ho 250.000 Ar

# Mbola tsy misy didim-panjakana fampiharana hoy ny Cnaps

Mahakasika ny fampakarana ny karama farany ambany ho 250.000 Ar, indrindra ho an'ny amin'ny sehatra tsy miankina eto amintsika, nanambara ny ao amin'ny Cnaps, na ny tahirim-pirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy, fa mbola tsy misy ny didimpanjakana fampiharana momba izany nataon'ny fanjakana hatreto. Milaza ny ao amin'ny Cnaps fa:"araka ny fanambarana nataon'Andriamatoa filohampirenena ny voalohan'ny volana mey 2022 dia miakatra ho 250.000 Ar ny karama farany ambany ho an'ny sehatra tsy miankina ary miakatra 5% hatramin'ny 25% kosa ho an'ny mpiasam-panjakana. Ny CNaPS dia mampahafantatra antsika




mpikambana, fa ny fanatanterahana izany fampiharana karama izany, mifandray amin'ireo fanampiana izay omen'ny CNaPS, dia miandry ny fivoahan'ny didim-panjakana, izay hamaritra ny fampiharana azy. Manamafy ihany koa ny CNaPS, fa ny fandoavana ny latsakemboka 3 volana faharoa 2022 (aprily, mey, jona) dia tsy mifarana raha tsy ny faha 31 jolay 2022. Noho izany, ireo mpampiasa izay tsy mbola nandoa ny telovolana voalohany 2022, sy ny taona taloha ihany no iharan'ny fitakiana". Arak'izany, mbola miandry ny fampakarana ny karama farany ambany, amin'ny sehatra tsy miankina, ho 250.000 Ar.

***Niaina***

Tsy fanajana demôkrasia sy lalàna eto

# Nihaona tamin'ireo ao amin'ny HCDDED ny filoha Ravalomanana

Noho ny tsy fanajana ny demôkrasia sy ny fanjakana tan-dalàna, ataon'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana, ary ho fanamafisana ny antso efa nataony, nihaona tamin'ireo ao amin'ny HCDDED: Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et l'Etat de Droit, notarihan'ny filohany Pierre Lenoble, teny Soanierana omaly, ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasiônalin'ny antoko TIM. Heverina fa voaresaka tamin'izany, izay tsy fanajana ny demôkrasia izay, sy ny tsy maha tandalàna ny fitondrana misy amin'izao, ka nanairan'ny filoha Ravalomanana ity rafitra ity hijery akaiky izany, sy handray ny andraikitra tandrify azy ny mahakasika izay. Heverina fa voaresaka koa ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny, indrindra ny momba ny ho fiatrehantsika ny fifidianana ho avy, izay mampanahy ny maro ny mety hisian'ny korontana, raha tsy ho tanterahana mialohan'izany ny fikaonandoham-pirenena, hijerena ireo vaha-olana mahakasika ireo olana rehetra manodidina ity resa-pifidianana ity, toy ny resaka lisitra, ny rafitra mitantana fifidianana,… Ka ho eken'ny rehetra ny vokatra hivoaka avy eo, rehefa voavaha mialoha ireo olana samy hafa.

***Isambilo***



***Ny filoha Ravalomanana, nihaona tamin'ny HCDDED teny Soanierana omaly.***

### TONONKALO

## Miteny ny fiangonana

Aza avela ho fotsy rora raha miteny ny fiangonana.
Manaova dingana hirosoana ho amin`ny fifanatonana.
Araraoty ny fotoana fa mijaly ny vahoaka,
Aoka tsy ho lany andro miaro seza sy kapoaka !

Aza avela ho fotsy rora raha miteny ny fiangonana.
Ny fandavana ny teniny dia hitera-pifandonana.
Asehoy fa olon-kendry ianao izay iantefan`ny teny,
Ka araho ny soatoavina maha-gasy ray sy gasy reny !

Aza avela ho fotsy rora raha miteny ny fiangonana,
Dia meteza hampiseho fa maminao ny fivondronana.
Ny misaraka dia fasika , ny mitambatra dia vato.
Adilahy sy fifandirana , aoka ireny mba haato !

Aza avela ho fotsy rora raha miteny ny fiangonana.
Avelao ny sakantsakana sy karazam-pandrahonana.
Atsaharo ny herisetra , ny ady sy fifampihantsiana.
Tombontsoam-pirenena , izay no tanjona hitodiana.

Aza avela ho fotsy rora raha miteny ny fiangonana.
Mila anao mba hampiseho fa misy ny fahavononana.
Malagasy miray hina sady tsy misara-bazana:
Izay no ataovy tarigetra . MASINA NY TANINDRAZANA !

***TSIMIMALO (05-06-22)***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ny Toky R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana nihaona tamin'ireo avy amin'ny ASCIM teny Faravohitra ny alakamisy teo.**









**Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ireo avy amin'ny HCDDED, tetsy Soanierana omaly.**





**Ny avy amin'ny RMDM sy ny Vondrona Panorama, teny amin'ny CENI ny alakamisy teo, mitsipaka ny fikaonandoham-pirenena sadasada ataon'ny CENI.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fanomezana bodofotsy ireo zokiolona teny Ambohidratrimo, nataon'ireo mpikarakara ny hetsika varotra fampirantiana tetsy amin'ny Magro Behoririka, tamin'ny fetin'ny Reny farany teo.**









**Fanomezana bodofotsy ireo zokiolona tetsy Bel'Air Ampandrana, nataon'ireo mpikarakara ny hetsika varotra fampirantiana tetsy amin'ny Magro Behoririka, tamin'ny fetin'ny Reny farany teo.**









ONG ZYXMAD

## Azon'ny Malagasy atao ny miaina mihoatra ny 100 taona

Ny fanarahana ny fomba fiainana arapahasalamana na « Style de vie saine », no vahaolana raha te ho ela velona eto ambonin'ny tany ny olona iray, hoy ny Dokotera Raveloson Yves, Anésthesiste Réanimateur, no sady filohan'ny Ong Zyxmad. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa ny fomba fiainana "Vegetarisme" na ny tsy fihinanan-kena no fomba tsara indrindra maha ela velona, satria betsaka ny aretina azo avy amin'ny biby ary tsy mety ho an'ny fahasalaman'ny vatan'ny olombelona ny fihinanan-kena. Nilaza ny Dr Raveloson Yves, fa anisan'ny maha ela velona ihany koa ny fomba fiainana "Crudivorisme", izany hoe olona tsy mihinana an'ireo zavatra mandalo afo na koa zavatra nandrahoina satria potika avokoa ny otrikaina amin'ny singa iray rehefa avy nandalo afo ireto farany, hany ka tsy mahazo fahasalamana ny




olona mihinana an'izany. Nanamafy ity mpitsabo ity, fa anisan'ny tsy maha ela velona ihany koa ny famadihana ny sakafo fototra toy ny Legioma sy ny voankazo, ho lasa tsindrin-tsakafo, hany ka nosoloin'ny olombelona vary sy hena izany sakafo fototra izany amin'izao fotoana izao. Ankoatra an' izany nanazava ity mpitsabo ity, fa tsara ho an'ny fahasalaman'ny olona ny fananana torimaso isan' andro, satria zavatra ilain'ny vatana ihany koa izany. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina ny alakamisy teo ny Ong Zyxmad ary ny fanentanana ny olom-pirenena hampihàtra ny "Style de vie saine", no tanjon'ny fikambanana, mba ho lasa "Zone Bleu" ka afaka miaina mihoatran'ny 100 taona ny olom-pirenena Malagasy.

***Franck Razakambelo***

Mpiasan'ny Office du Bacc

## Nitokona, mitaky ny karamany 2 volana

Nanapa-kevitra, nitokona, nanajanona ny asany ny mpiasan'ny Office du Bacc eto Antananarivo, noho ny karaman'izy ireo tsy mbola voaloa. Efa 2 volana izao ireto farany no tsy nandray karama, raha ny fitarainany. Nanomboka ny alarobia 08 jona teo izy ireo, no tsy nandray asa intsony ary mbola hitohy ny fitokonana raha tsy mivoaka ny vola, hoy ny fanazavana.
Efa nisy fifampiresahana tamin'ny tompon'andraikitra, saingy mbola tsy nahitam-bokany izany. Nambarany fa vonona handray sy hanohy ny asany avy hatrany ireo mpiasan'ny Office du Bacc ireo, rehefa mivaha ny olana. Mahatsapa fa miaina ao anatin'ny fahasahiranana izy ireo satria lany vatsy tanteraka, antony mahatonga ny fitakiana. Tokony hitadiavan'ny tompon'andraikitra vahaolana hainga izany, satria mety hisy fiantraikany amin'ny fanadinana bacc ho avy. Manatanteraka ny fanadinana ara-panatanjahantena amin'izao fotoana ireo mpiadina.

***Niaina***



*Ny fitokonan'ireo mpiasan'ny Office dy Bacc.*

Mpikarakara varotra fampirantiana tetsy Behoririka

## Nanolotra fanampiana ho an'ireo zokiolona sahirana

Nisy ny varotra fampirantiana nokarakaraina tamin'ny fetin'ny Reny tao amin'ny Magro Behoririka, ny faha 27 sy 28 mey 2022 lasa teo. Araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpikarakara dia ny vola azo rehetra nandritra izany dia natokana hamontolo nividianana bodofotsy sy savony ho an'ireo reny Zokiolona sahirana tsy mba mandray ny fisotroandronono eny amin'ny CNAPS. Hita mantsy fa tena sahirana izy ireo, ka izany no nahatonga ny fanapahan-kevitra, ny andro mangatsiaka, ny savony miakatra izay tsy izy ny vidiny ankehitriny. Nokendrena ihany koa mba ny vokatra Malagasy no nosafidiana, hanandratana ny maha Malagasy. Efa maro ny toerana nizarana ny fanomezana teto Antananarivo, fa omaly kosa dia teny Ambohidratrimo sy Bel'Air Ampandrana no nizaràna izany. Nitondra ny teny fisaorana ny solontenan'ireo zokiolona tamin'ny fahatsiarovana azy ireo noho ny fetin'ny Reny. Teo ihany koa ny fanomezana izay natolotra azy ireo tamin'izany. Andriamanitra anie homba anareo mpikarakara hatrany hoy ny tsodrano nomen'ireo Renimpianakaviana ireo. Rovita alohan'ny aina bebe a!



*Fanolorana bodofotsy sy savony ho an'ireo zokiolona sahirana.*

***Helisoa***

Volley-ball Analamanga

## Mitohy ny "Championnats 2022"

Mitohy hatrany eny amin'ny kianja Akany Sambatra Itaosy, ny fifaninanana volley- ball, fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin'ny volley-ball Analamanga 2022.
Fandaharan-dalao ho hita amin'ny sabotsy 12 jona 2022 :
T1 : 1DM-Cosfa # Pole, Gnvb 1 # Mama, Asi 1 # Mvbc,
T2 : 1DM-Vbc Jack # Vbcd, Cvb # Asi 2, Voara # Gnvb 2,
T3 : 1DF-Bias # Vbcd, Amvb # Asi, 3DF-Afa # Assm,
T4 : 2DF Gnvb # Hzma, Squad # Voara, 2DM-Assm # Cosfa.
Nomarihan'ny mpitantana ny ligy, fa mba hahatrarana ara-potoana ny datin'ny 31 jolay 2022 hanatanterahana an'ireo lalao famaranana rehetra dia voatery nasiana lalao tamin'ny alahadin'ny Penkôty 05 jona 2022 lasa teo.

***Rainilita***



*Lalao volley-ball eto Analamanga.*

Tsipy kanetibe Asief Analamanga

## Raoul sy Mparany no tompondaka





*Tsipy kanetibe Asief.*

Tontosa tamin'ny sabotsy 04 jona 2022 lasa teo, teny amin'ny Boulodrôme Fitaratra eny Tongarivo Tanjombato, ny fifaninanana tsipy kanetibe fiadiana ny ho tompondakan'ny Asief Analamanga 2022 eo amin'ny "Doublette open".
Voahosotra ho tompondaka tamin'izany i Mparany sy Raoul (UA), izay nandresy ny ekipan'ny (Minjus) teo amin'ny lalao famaranana.
Tsiahivina kosa, fa eo amin'ny « 1ere demi finale » : MINJUS nandresy ny JIRAMA, teo amin'ny « 2eme demi finale : UA nanilika ny MPTDN/Tresors.

***Rainilita***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Tefy A.

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**04/06/2022 hatramin'ny 11/06/2022**

**- MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

**- 67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

**- VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86

**- IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**- AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/ 033 05 255 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1307-06-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### NITROATRA IREO MPIVAROTRA ETO ANTANANARIVO

## Manohitra ny fanomezana an'ny tsy miankina ny tsena

Nanao hetsika ho fanoherana ny fanomezan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny tsena eto an-drenivohitra, ho tantanin'ny tsy miankina, ireo mpivarotra omaly. Anisan'ny nanao izany hetsika fitokonana izany ny mpivarotra teny Isotry sy Andravoahangy. Marobe izy ireo no naneho ny tsy fahafaliany tamin'ny ekipan'ny ben'ny tanàna Vazahabe tamin'io hetsika fidinana an-dalambe omaly io.

***Stefa***




***Ny hetsik'ireo mpivarotra omaly.***

### Siramamy

## Namoaka vokatra voalohany androany ny Ouest Sucre Ambilobe

Miverina mihodina amin' izao fotoana ny orinasa Sirama any Ambilobe faritra Diana, na ny Ouest Sucre. Eo amin'ny siramamy 200t eo, no hivoaka amin'ity andiany voalohany ity, ka haparitaka haingana amin'ny distrika 04 mandrafitra ny faritra Diana sy ny any amin'ny faritra Sava. Tokony hampidina ny fidanganan'ny vidin'ny siramamy any amin'ny Faritra Sava izao vokatra izao, satria efa tafakatra 200.000 Ar ny iray gony ary 4.000 Ar/Kg izany any an-toerana.

***Aly***




***Siramamy vokarin'ny Ouest Sucre.***

### Madagascar National Parks

## Nodimandry ny tale jeneraly, Dr Mamy Rakotoarijaona

Nodimandry omaly maraina ny tale jeneralin'ny MNP, na ny Madagascar National Parks, Dr Mamy Rakotoarijaona. Efa notsaboina nandritra ny volana maromaro tany Inde, sy tatsy amin'ny Nosy Maorisy izy, nefa noho ny fandaharana dia izao nodimandry omaly izao. Efa tonga eto an-tanindrazana ny razana. Teo amin'ny faha-52 taonany, izao nahalasanan'ny Dr Mamy Rakotoarijaona izao. Efa talen'ny Parc Ranomafana izy teo aloha, nialohan'ny naha-tale jeneralin'ny MNP azy izao. Manana ny maha-izy azy ny MNP sy ny fiarovana ny tontolo iainana ary ny fitantanana ireo valanjavaboaharim-pirenena, nandritra ny nitantanany ity MNP ity. Eny amin'ny trano fonenany eny Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano ny razana ary halevina ny alatsinainy ho avy izao. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Aly***




***Ny tale jeneralin'ny MNP, Dr Mamy Rakotoarijaona fahavelony.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 396**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0395)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Katsaka | - Nandidy | - Kianja | - Ambiaty |
| - Mi | - Dia – TV | - Na – No (miv) | - Kiad(y) - AN |
| - Traboina (miv) | - Roa (miv) – Tara | - Tsindry | - Ritra |
| | - Nifinao | - Ody | - ST – Vao |

### TENY MIFANARAKA N° 396




**Mitsivalana**

**1.** Efa zokiolona, be taona – Fahita lavitra **2.** Ao Itasy ao – Zana-tsoratra mitovy – Bibikely **3.** Ahodinay **4.** Bitika, madinika – Saro-bahana indraindray **5.** Foto-tenin'ny mialona – Anelanelan'ny beso **6.** Naoty – Ranjanana **7.** Ilainy – Fiandohan'ny antso **8.** Ankizy kely (BR) – Saribao (miv) **9.** Andro mazava **10.** Matoanteny – Eo @ valopy (miv)

**Mitsangana**

**A.** Afamadika – Tovona **B.** Najanona – Marika (BR) **D.** Zavamaranitra – Elabe **E.** Hita amin'ny alina – Mari-potoana **F.** Diky – Hazo maro **G.** Fisotro – Zava-maniry **H.** Asitrikay **I.** Handeha hitady vola **J.** Solfa – Ekipa Malagasy **K.** Vy lafo vidy

### Valiny Teny mifanaraka 0395

**Mitsivalana**

**1.**Filaminana **2.** Ivato (miv) - Dim(y) **3.** Veloma **4.** Alahelo **5.** Aoka - Trano (miv) **6.** Nanota - Io **7.** Vy - Ar - Rana **8.** Niaraka **9.** Dio - Nanasa **10.** Akany (miv) - Anao

**Mitsangana**

**A** Fonja - Vady **B.** Ti (miv) - Ony - In **D.** Lavaka - Noa **E.** Avelanay **F.** Mila - Orana **G.** Toho (miv) - Ra **H.** Menarana **I.** Adala - Naka (miv) **J.** Ny - Orinasa **K.** Amy - Toa - Ao

DERBY DE L'OCÉAN INDIEN

# Hihaona fanindroany ny Barea U23 sy ny Club M Maorisy anio

Ho fanomanana ny fifanintsanana "CAN 2023" sy ny "Jeux Olympiques 2024" dia nandresy ny Club M U23, 2 – 1 ny Barea U23 tamin'ny lalao ara-pirahalahina "Derby de l'Océan Indien" nokarakarain'ny UFICASM & Madas niaraka tamin'ny FMF "Federasiôna Malagasy ny Baolina Kitra", tetsy amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By Pass" tamin'ny alakamisy 09 jona 2022.

I Mamisoa sy Elisco no nampiditra ny baolina hoan'ny Barea U 23.

Anio sabotsy 11 jona 2022 tolakandro indray, etsy amin'ny kianja Barea Mahamasiina, no hanatanterahana ny fihaonana faharoa miverina hifanandrinan'ny roa tonta.

Fantaro etoana ireo mpilalaon'ny Barea U 23 voafantina hiaro ny voninahim-pirenena.

Mpiandry harato : Rakotovazaha Allan (Us Créteil, France), Ramintsoa Tsanta (Jet Kintana Fc, Madagascar), Ronaldo Alfred (Eden Sport, Madagascar), Lido Jean Clais (Efam, Madagascar),

Vodilaharana : Rakotomahanina Matis (Fc Chambly, France), Rafamatanantsoa Hajatiana (Jet Kintan Fc, Madagascar), Davidson Gueguen (Stade Laval, France), Feron Gianni (Dijon Fc, France), Rafiakarana Mick (Aubagne Fc, France), Ratsimbazafy Claude (Zanakala Fc, Madagascar), Joseph Johnson Mathias (Justice Fc, Madagascar), Randrianasolomanana Sitraka (Ajesaia, Madagascar), Raharison Fitahinasoa (Uscaf Pro, Madagascar), Soloniaina Avizara (Foisa Juniors Fc, Madagascar),

Irakiraka : Guy Zizou (Estac Troyes, France), Paul Kalvin (Fc Deolois, France), Randriamahatra Eddy Sergio (Cff, Madagascar), Randrianarison Arnaud (Fosa Juniors Fc, Madagascar), Ramamonjisoa Landry (Jet Kintana Fc, Madagascar), Parex Sitraka (Jet Kintana Fc, Madagascar), Raharijaona José (Mama Fc, Madagascar), Rakotoarisoa Rayan (Tous Fc, France), Rajaonarivelo Henintsoa (New Generation, Madagascar), Aristide Veve (Fosa Juniors Fc, Madagascar), Rakotoson Mamisoa (Elgeco Plus, Madagascar), Raderalazasoa Ifraime (Zanakala Fc, Madagascar),

Lohalaharana : Zilofo Marwan (Sc Toulon, France), Jean-Enzo Dejar (Montpellier Hsc, France), Walter Sidney (Rcsc La Chapelle St Luc, France), Razafindranaivo Koloina (Cffa, Madagascar), Rakotondrabe Toky (Cosfa Football, Madagascar), Rafanomezantsoa Jean Pascal (Mama Fc, Madagascar), Randrianantoandro Ando Niaina (Ajesaia, Madagascar), Ahmed Abdourazak (Estac Troyes, France), Rakotonandrasana Marcellin (Tia Kitra Fc, Madagascar), Ramiariniandry Angerico (Mama Fc, Madagascar), Sayha Seha (Estac Troyes, France).



*Barea U23, 2022.*

***Rainilita***

Telma Coupe de Madagascar 2022

# Ireo vokatra tamin'ny "2è Tour Préliminaire"

Nahazoam-bokatra ny fifaninanana baolina kitra "2è Tour Préliminaire" ny Telma Coupe de Madagascar 2022, izay notontosaina tamin'ny sabotsy 04 jona 2022 .

Tany Ambanja : Casa Nosy Be (Diana) 2 - 1 Kfca (Diana), tany Ambovombe : As Jm (Androy) # As Comato (Atsimo Andrefana) haverina amin'ny andro manaraka, tany Ambatomainty : Voromaherin'Alaotra (Alaotra Mangoro) 0 - 1 As St Pierre (Alaotra Mangoro), teto Antananarivo : Cospn (Analamanga) 6 – 1 As Anry (Bongolava), As St (Analamanga) 6 - 1 Zandry Gasy (Vakinankaratra), Cffa Espoir (Analamanga) 0 – 4 Disciples Fc (Analamanga), tany Antsirabe : Disciples Fc Betafo (Vakinankaratra) 0 - 1 Cua Ilampy (Vakinankaratra), tany Fenoarivo Atsinanana : Kakambary (Analanjirofo) 1 - 4 Fce (Atsinanana), tany Mahajanga : Eden Sport 1 – 0 Jea Boeny, Racing (Boeny) 2 - 1 Ffam (Analamanga), Fco (Boeny) 0 – 3 Tam Port Berger (Sofia), tany Mananjary : Reseau Fort (Vatovavy Fitovinany) 4 - 1 Mmfc (Vatovavy Fitovinany), tany Fandriana : Fc Fisakana (Amoron'i Mania) 0 - 2 As Dragon (Amoron'i Mania), tany Toamasina : Mmm (Atsinanana) 2 - 3 Foot Academy (Analamanga), tany Tsiroanomandidy : Jsb (Bongolava) 0 - 1 Fct Analavory (Itasy).



*Nandritra ny lalaoTelma Coupe de Madagascar.*

***Rainilita***

Basket U18 Filles et Garçons

# Hanomboka anio any Betsiboka ny fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara



*Basket U18 lahy sy vavy.*

Hanomboka anio any Betsiboka ny fifaninanana basikety «Championnats Nationaux U 18 Filles et Garçons ». Omaly zoma 10 Jona 2022, tao amin'ny "Restaurant Le Mandarin Maevatanana " no nanatanterahana ny "Réunion technique" ho an'ity fifaninanana ity, izay notarihan'ireo teknisian'ny FMBB « Fédération Malagasy de Basketball », niaraka tamin-dry zareo ao amin'ny "Ligue Régionale de Basketball Betsiboka". Efa vonona tanteraka ary efa voatsiriky ny FMBB ireo kianja roa hanatanterahana ny hetsika dia ao amin'ny CAPJ-Maevatanana, sy ao amin'ny LRBB Betsiboka, ka anio sabotsy 11 ka hatramin'ny 19 jona 2022 no hanatanterahana ny fifaninanana.

Fantaro aloha ireo ekipa handray anjara amin'ity fifaninanana ity :

U 18 zatovolahy : Ambhoop's/Epab (Betsiboka), Mb2All/Cosfa (Analamanga), Ebf (Haute Matsiatra), Sepa/Aseim/Bco (Boeny), Bcf (Amoron'i Mania), Sbbf/Abbcm (Alaotra Mangoro), 2Bc (Analanjirofo), Bcest (Atsimo Andrefana), Ascut (Atsinanana), Dca (Diana), As Fananolahy (Atsimo Atsinanana), Jap Mada Vohémar (Sava).

U 18 zatovovavy : Tgbc (Betsiboka); Mb2All/Lucadro/Aca (Analamanga), Jea/Phoenix Bira (Vakinankaratra), Ebf (Haute Matsiatra), Sepa (Boeny), Peintade (Amoron'i Mania).

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Lasopy « potage » indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Indro koa misy fomba hafa fanaovana lasopy "potage". Maka tapioca tokony ho eran' ny tànana, dia teneho amin'ny ranon-kena na ranon-degioma mandritry ny 10 min eo ho eo, harohary tsara mba tsy hitambatra na hitambongambogana ny tapioca, ka rehefa mangarangarana, fantatra fa masaka, dia asio voatabia kely 2 na 3 sy sira sahaza azy, dia efa mety sy mahasoa ary azo aroso amin'izay.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'rny evoka ranon-tsira

Ny soa azo avy amin'ny evoka ranon-tsira indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha mikohoka na voan'ny sery, na misy rehoka, manao evoka ranon-tsira. Tsy voatery hampiasa ravin-javatra, fa na ranon-tsira tsotra aza dia mety ampangotrahana ny rano dia hasiana sira . Afaka atao amin'ny efitrano atoriana koa ny ranon-tsira avy nampangotrahana rehefa voan'ny tazo , mikohoka , voan'ny sery. Tsara ho an'ny zaza sy ny ankizy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Antanandava any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Antanandava any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanandava ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Any avaratra atsinanan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy, satria 847 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Antanandava ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Manakaiky ny valan-javaboaharim-pirenena Zahamena koa Antanandava, noho izany, azo lazaina ho miroborobo any an-toerana koa ny resaka fizahantany, zahatany miaraka amin'ny zavoahary.

